

Ny fisehoan' Andriamanitra miandalana

G. André



Bibles et Publications Chrétiennes

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-Takila >

ISBN : 978-2-87907-389-7

La révélation progressive de Dieu

Couverture, photo © Paul Jacquin

NY FISEHOAN'ANDRIAMANITRA MIANDALANA

1. Andriamanitra Izy tenany	5
2. Miandalana no hisehoan'Andriamanitra	6
3. Ireo anarana fototra isaloran'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha	12
4. Ao amin'ny Testamenta Vaovao : Ny Ray	18
5. Ilay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana	22
6. Andriamanitra Telo izay Iray	24
7. Andriamanitra niseho tao amin'ny nofo (ao amin'ny Testamenta Vaovao)	27
1 – I Jesoa	28
2 – Ny Teny	30
3 – Ny Zanaka Lahitokana	31
4 – Ny Kristy – Ilay Voahosotra – Ny Mesia	33
5 – Ny Mpamonjy	35
6 – Ny Tompo	36
7 – Ilay Nazareana	38
8 – Mpanjaka	39
9 – Ny zava-miafina mikasika ny Tenany	40

NY FISEHOAN'ANDRIAMANITRA MIANDALANA

1. Andriamanitra Izy tenany

«Jehovah efa nilaza fa hitoetra ao amin'ny haizimpito Izy»¹. Tsy nisy afaka nitsofoka tao, na ny mpisoronabe, na i Mosesy, tamin'ny fotoanandrony, rehefa nameno ny tabernakely, na nandrakotra ny tempoly ny rahona, izay mariky ny fanatrehan'Andriamanitra. «Fa feno ny voninahitr'i Jehovah ny tranon'Andriamanitra»². «Mitoetra ao amin'ny mazava tsy azo hatonina (Izy), izay tsy hitan'ny olona sady tsy hainy jerena»³. – Izany hoe tsy azo fantarina Andriamanitra raha ety an-tany; ary tsy azo hatonina, noho ny fahazavany, ao an-danitra. Hoy ny navalin'i Jehovah, raha nitady ny hahita ny voninahiny i Mosesy: «Tsy mahazo mahita ny tavako ianao, fa tsy misy olona mahita Ahy ka ho velona»⁴.

Nisy ihany anefa, nandritra ireo taonjato maro nifandimby, olona sasantsasany, araka izay nambaran'i Paoly tamin'ireo Ateniana, nitady an'Andriamanitra «raha tahiny hahatsapa ka

1. 2 Tantara 6. 1 • 2. Eksodosy 40. 35; 2 Tantara 5. 14 • 3. 1 Timoty 6. 16 • 4. Eksodosy 33. 20

hahita Azy»⁵. Tsy afa-nanao na inona na inona afa-tsy ny «nitsapatsapa» fotsiny ihany, na ny filôzôfa grika tahaka an-dry i Platon aza. Andriamanitra Izy tenany ihany no tsy maintsy haneho ny tenany.

2. Miandalana no hisehoan'Andriamanitra

«Ny fahendrena dia tsy nahatonga izao tontolo izao hahalala an'Andriamanitra», hoy ny 1 Korintiana 1. 21. Safidin'Andriamanitra mihitsy, araka izany, ny haneho miandalana ny tenany amin'ny olona.

1 – «Satria izay fantatra ny amin'Andriamanitra dia miseho... fa ny fombany tsy hita dia ny heriny mandrakizay sy ny maha Andriamanitra Azy dia miseho hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin'ny ataony Izy»⁶.

Mampiseho ny tenany Ilay Andriamanitra Mpahary. Mampiseho ny heriny mandrakizay sy ny maha Andriamanitra Azy «amin'ireo zavatra nataony» Izy. «Ny lanitra mitory ny voninahitr' Andriamanitra; ary ny habakabaka manambara ny asan'ny tanany. Tsy misy teny na fiteny anefa, tsy re izay feony»⁷.

5. Asa 17. 27 • 6. Romana 1. 19-20 • 7. Salamo 19. 1, 3

2 – Nanondro ny tenany tamin’ny hoe « Jehovah Andriamanitra » Izy, raha nilaza ny tenany tamin’i Adama. Nikarakara fatratra an’i Adama Andriamanitra. Indrisy anefa, nandika an’ilay didy tokana nomena azy ny olombelona, ka voaroaka niala ny saha.

Niverina indray ny « niantsoana ny anaran’i Jehovah » ao amin’ny Genesisy 4. 26, taorian’ny fahaterahan’i Enoka zafikelin’i Adama (izay olona mety maty ihany). Niara-nandeha tamin’ Andriamanitra i Enoka.

Naneho ny tenany tamin’ireo olon’ny finoana (patriarka) Andriamanitra taorian’izany. Nampitandremin’Andriamanitra i Noa fa ho avy ny safodrano, ka tamim-pinoana no nandrafetany ny sambofiara⁸.

Hatreo amin’ny fiantsoana an’i Abrahama no niantombohan’ny vanim-potoana vaovaon’ny fanehoan’Andriamanitra ny tenany. Niteraka fisavorovoroana ilay zavatra nitranga tao Babela. Nihanaka nameno ny tany tontolo ny fanompoan-tsampy⁹. Tamin’izany no nilazan’ Andriamanitra tamin’i Abrahama nanao hoe: « Mandehana miala amin’ny taninao sy ny havanao ary ny tranon’ny rainao, hankany amin’ny tany izay hasehoko anao »¹⁰. Mazava

8. Hebreo 11. 7 • 9. Josoa 24. 2 • 10. Genesisy 12. 1

kokoa ny fitateran'i Stefana an'io teny io ao amin'ny Asa 7. 3: « Mialà amin'ny taninao sy ny havanao, ka andeha ho any amin'ny tany izay hasehoko anao ».

Imbetsaka no nisehoan'Andriamanitra tamin'i Abrahama. « Andriamanitra Tsitoha » Izy taminy¹¹. Mbola haneho ny tenany amin'i Isaka sy amin'i Jakoba amin'izany anarana izany ihany koa Andriamanitra¹².

Nifandimby teny ny taonjato maro. Niseho tamin'ny endrika hafa indray tamin'i Mosesy Andriamanitra. Tao anatin'ny roimemy, tany Sinay, no nisehoany taminy¹³. Niresaka taminy mandrakariva Jehovah, nandritra ny asa fitarihana nosahanin'i Mosesy teo anivon'ny vahoaka Isiraely. Niresaka taminy « mifanatrika » Izy¹⁴.

3 – Nambara ihany anefa, na izany aza, rehefa antomotra ny andro hahafatesan'i Mosesy, fa: « An'i Jehovah Andriamanitsika ny zava-miafina; fa antsika sy ny zanatsika mandrakariva kosa ny zavatra ambara »¹⁵. Midika izany fa mbola nisy zavatra maro hafa nilaina nambara, ankoatra ny lalàna!

11. Genesisy 17. 1 • **12.** Genesisy 28. 2-5; 35. 11-12 • **13.** Eksodosy 3 •

14. Nomery 12. 8; Deoteronomia 34. 10 • **15.** Deoteronomia 29. 28

4 – Ny lalana nodiavina mandra-pahatonga tamin’ny Kristy no fintinin’ny Hebreo 1: « Rehefa nampitenenin’Andriamanitra tamin’ny razana fahiny ny mpaminany, tamin’ny andro samy hafa sy ny fanao samihafa, dia amin’izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany ».

5 – Tonga tety an-tany ny Tompo Jesoa, ary nanomboka ny asany. Nampianatra an’ireo mpianany Izy¹⁶. Tamin’ny alalan’ny fanoharana no nitenenany tamin’ny vahoaka¹⁷, ary ny mpianatra no nanazavany ny hevitr’ireny rehefa nitokana tao amin’ny mangingina ry zareo¹⁸.

6 – Hoy anefa ny teny nataony tamin’ireo mpianany ireo, rehefa antomotra ny fandaozany azy: « Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny. Fa raha tonga ny Fanahin’ny fahamarinana dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin’ny marina rehetra »¹⁹.

16. Matio 5-7 • **17.** Matio 13. 34 • **18.** Marka 4. 10-11 • **19.** Jaona 16.

7 – Ny Fanahy Masina izany no hanambara ny « fahendren'Andriamanitra ». Ny 1 Korintiana 2. 7-16 no maneho amintsika ny fizotran'izany fanambaràn'ny Fanahy ny fahendren'Andriamanitra izany.

Takona kanefa voatendrin'Andriamanitra talohan'ny nisian'izao tontolo izao, mba hahazoantsika voninahitra, ny fahendrena miafina ao amin'Andriamanitra (and. 7 – DIEM). Nambaran'Andriamanitra tamintsika tamin'ny alalan'ny Fanahy izany zava-miafina izany (and. 10). Ireo rehetra nofidin'Andriamanitra handray ny fanambaràna ao aminy, ka hampita izany, no tondroina amin'io hoe « isika » io (and. 10-11).

Afaka ny hamantatra ny « zavatra nomen'Andriamanitra antsika » ireo olona ireo, rehefa nandray ny Fanahy Masina (and. 12). Afaka mampita izany « tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olona fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy » izy ireo, rehefa notarihin'izany Fanahin'Andriamanitra izany (and. 13). Tsy ny votoatin-kevitra ny hafatra tian'Andriamanitra hampitaina ihany akory no azo avy amin'ny tsindrimandry, fa nampianarin'ny Fanahy koa na ny teny hoenti-mampita azy ireny aza. Ny « olona araka ny Fanahy » no nampitana an'ireo zavatra ara-panahy, fa tsy ny « olona araka ny nofo » izay tsy mahay mandray ny zavatra avy amin'ny

Fanahin'Andriamanitra (and. 13, 14). «Fa ny olona araka ny Fanahy dia mahafantatra ny zavatra rehetra»; «fa izahay manana ny sain'i Kristy» (and. 15, 16).

8 – Mbola tsy naseho ny «zava-miafina mikasika an'i Kristy». Nafenina izany tany aloha, fa naseho miharihary kosa ankehitriny, mba «hahatonga ny Jentilisa ho mpiray lova sy ho tena iray, ary hiombona amin'ny teny fikasana ao amin'ny Kristy Jesoa noho ny filazantsara»²⁰. Tamin'ny alalan'ireo apôstôly sy ireo «mpaminany» no nanambaràna izany zava-miafina mikasika an'i Kristy izany tamin'ny olon-drehetra.

9 – Ny amin'ny hoavy kosa, manana ny fanambaràn'i Kristy Jesoa isika, «izay nomen' Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana»²¹. Efa niresaka ny amin'izany zavatra tsy maintsy ho tonga faingana izany tokoa ireo mpanoratra ny episitily, saingy tsy maintsy nilaina io fanambaràn'ny Zanany io mba ho feno ny Soratra Masina, izay tsy ho azo ampiana no sady tsy ho azo analana²².

20. Efesiana 3. 4-6 • **21.** Apokalypsy 1. 1 • **22.** Apokalypsy 22. 18-19

3. Ireo anarana fototra isaloran'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha

Misalotra anarana mifandraika amin'izay endrika tiany hisehoana Andriamanitra, ao anatin'ity fisehoany miandalana ity. Tsy hafa moa ny anarana ao amin'ny Soratra Masina iray manontolo, fa entina anondroana an'ilay olona izy tenany mihitsy²³. Tafiditra ao anatin'ny fanehoan'Andriamanitra ny tenany ihany koa izany ny anarana safidiny isalorana. Tsara raha dinihintsika, fara faharatsiny, ireo anarana nanehoan'Andriamanitra ny tenany, izay fampiasa matetika.

1 – Elohim: ny teny hoe «tamin'ny voalohany Andriamanitra», no iantombohan'ny bokin'ny Genesisy. Io anarana hoe Elohim io no nampiasain'Andriamanitra tao amin'io boky io (Eloah izy raha manondro tokana, ary Elohim kosa raha manondro maro. Midika hoe «Ilay Mahery» ny hoe Eloah, indrindra fa amin'ny tontolo ampiasana azy io ao amin'ny bokin'i Joba). Midika hoe «Andriamanitra tsara indrindra sy ambony indrindra» ny hoe Elohim. Manambara ny maha Andriamanitra feno an'Andriamanitra izany.

23. ampitahao amin'ny Matio 18. 20 ; 1 Jaona 5. 13

Manondro maro ny hoe Elohim. Manondro tokana kosa anefa no endrika isehoan'ny hoe «nahary», izay matoanteny manaraka avy hatrany an'io anarana io, araka ny ahitantsika azy ao amin'ny bokin'ny Genesisy. Eto izany no ahitana voalohany ny fanehoan'Andriamanitra ny maha Telo izay Iray Azy, izay tsy aseho mihanjanja raha tsy any amin'ny Testamenta Vaovao. Izany koa no antony ahitana an'Andriamanitra mampiasa ny mpisolotena manondro maro eo amin'ny and. 26: «ndeha isika..... endritsika»²⁴. Miverina eo amin'ny intelonjato sy roa arivo eo io filazan'Andriamanitra ny tenany hoe Elohim io ao amin'ny Testamenta Taloha.

2 – Jehovah: miverina eo amin'ny indimanjato sy enina arivo eo ity anarana ity ao amin'ny Testamenta Taloha. Ireto tarehin-tsoratra efatra ireto, izay masina dia masina tokoa, no nentina nanondro an'Andriamanitra tany amin'ny ampiandohana: YHVH. Tsy sahin'ny Jiosy notononina mihitsy izany anarana izany. Ireo Raby, na ireo mpampianatra, teo amin'ny Jiosy aza moa raha hanoratra azy io, dia tsy maintsy

24. Genesisy 1. 26 ; 3. 22

misasa aloha, ary manova penina fanoratana hatrany hatrany.

Ny hoe «Adonai» no anarana niantsoan'ireo vahoakan'Andriamanitra tety an-tany ny «Tompo». Ny zana-tsoratra tamin'io hoe «Adonai» io no natsofoka teo anelanelan'ireo tarehin-tsoratra YHVH, ka nahazoana ny hoe «Yahveh». Niova ho «Jehovah» izany taty aoriana. Ity farany no anarana iantsoana an'Andriamanitra, hita amin'ny ankamaroan'ireo dika tenin'ny Baiboly amin'ny fitenintsika ankehitriny (toy izany koa ny hoe JAH, izay tsy hafa fa fanafohezana an'io anarana io ihany).

I Jehovah no Ilay Iray izay efa Izy hatrizay hatrizay, velona, ary misy tsy nisy mpahary. Izy ihany no manambara ny tenany. Ny fitanisana amin'ny laharana voalohany ny fototeny avy amin'io hoe YHVH io, izany hoe ireo litera telo farany (HVH), no nahazoana ny hoe: «Izaho Izay Izy»²⁵.

Milaza ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra amin'ny fifandraisana amin'ny olombelona kosa ny hoe «Yahveh-Elohim», «Jehovah Andriamanitra», tahaka izay hita ao amin'ny²⁶. Maneho an'ilay Andriamanitry ny fanekena sy Andriamanitry ny fanavotana izany anarana izany²⁷.

25. Eksodosy 3. 14 • **26.** Genesisy 2. 4 sy 3. 8 • **27.** Genesisy 3. 21; Eksodosy 3. 13-17; 6. 2-4, 8

Nampiasain'Andriamanitra tamin'ny fifandraisany manokana tamin'ny Isiraely ny anarana hoe Jehovah, ilay « Izaho Izay Izy hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay » ambaran'ny Eksodosy 3. 14, ary amafisin'ny 6. 2-3 manao hoe: « Izaho no Jehovah; ary tamin'ny anarako hoe Andriamanitra Tsitoha (El-Shaddai – jereo ny fizaràna 4) no nisehoako tamin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, fa ny anarako hoe Jehovah tsy mbola nahafantarany Ahy ».

Tsara marihina fa tsy io anarana hoe Jehovah io akory no anarana nisehoan'Andriamanitra tamin'ny fotoanan'ny Genesisy, na nantsoina tamin'izany anarana izany aza Izy ao amin'io boky io. Anarana nampiasain'ny mpanoratra an'io boky io (i Mosesy) hiantsoana Azy fotsiny ihany tao amin'io asazorany io izany.

Anarana marobe azo avy amin'ny fampiarahana an'io hoe Jehovah io amina teny hafa no ampiasain'Andriamanitra hanehoana ny tenany, manerana ny Testamenta Taloha. Hitantsika ao amin'ny Genesisy 22. 14, ohatra, ny hoe « Jehovah-Jire » (izay midika hoe « Jehovah no hahita »); « Jehovah-shamma » (izay midika hoe « Ao Jehovah »)²⁸.

28. Ezekiela 48. 35

3 – Adonai: midika hoe ny Tompo, ny Mpampianatra. Miverina eo amin'ny impito amby roapolo sy efajato eo izy io ao amin'ny Testamenta Taloha. Tsy mandeha irery ity anarana ity, matetika, fa misy teny ampiarahana aminy: Jehovah Tompo²⁹.

Io no anarana tena fampiasa teo amin'ny Jiosy hiantsoana an'Andriamanitra, ka entina anindriana indrindra an'ilay maha masimandidy Azy. Andriamanitra no Mpifehy, ary ny olombelona kosa no feheziny. Azy ireo, Izy no Tompony. Natao hanoa Azy sy hiankin-doha aminy ireo olom-peheziny ireo. Mitovy laharana amin'ny hoe «Kurios», izay ampiasaina imbetsaka ao amin'ny Testamenta Vaovao, io hoe Tompo io³⁰. Nanoloana izany indrindra no nanononan'i Paoly ny tenany tamin'ny hoe «andevo» – «mpanompo»³¹.

4 – El-Shaddai: «Andriamanitra Tsitoha».

Tamin'izany anarana izany no nisehoan' Andriamanitra tamin'i Abrahamana³², sy tamin'i Isaka³³, ary tamin'i Jakoba³⁴. I Jakoba no ilay nitolona tamina Lehilahy iray tao Peniela, ka

29.Genesisy 15. 2, 8; 18. 3; Eksodosy 9. 1, 13 (Mosesy); Daniela 9; sns • **30.** «Kurios» = Tompo – Filipiana 2. 11 • **31.** Filipiana 1. 1 • **32.**Genesisy 17. 1 • **33.**Genesisy 28. 3 • **34.**Genesisy 35. 11

nanontany izay anaran'io Lehilahy nitolona taminy io, kanefa tsy nahazo valiny³⁵. Tsy maintsy namitra-pihavanana tamin'i Esao rahalahiny aloha izy³⁶, ary nanaisotra tsy ho eo aminy ireo andriamani-kafa notehirizin'ny fianakaviany hatramin'ny nitoerany tao amin'i Labana³⁷. Niakatra tany Betela izy, rehefa izany. Tao koa no ilay toerana nisehoan' Andriamanitra taminy, raha teny am-pandosirana izy. Tao koa tamin'ny fiverenany no mbola nisehoan'Andriamanitra taminy indray sy nitahiany azy, ary nanehoany taminy ny tenany ho Andriamanitra Tsitoha (and. 11).

Miverina indraika amby telopolo io anarana hoe Tsitoha io ao amin'ny bokin'i Joba. Nampiasain'Andriamanitra hifandraisana tamin' ireo patriarka izany anarana izany tany aloha. Tsihiviny an'i Mosesy izy io ao amin'ny Eksodosy 6. 3. Ankehitriny kosa, noraisiny ny anarana hoe Jehovah (ny hoe YHVH, araka ny efa hitantsika) ho mariky ny fanekena nataony tamin'ireo vahoakany, dia ireo vahoaka izay ataony ho «olony, ary Izy kosa ho Andriamanitr'izy ireo». Io hoe «Izaho no Jehovah» io no haverimberiny manerana an'ireo boky rehetra nosoratan'i Mosesy

35. Genesisy 32. 29 • 36. Genesisy 33 • 37. Genesisy 35. 4

5 – Elion : ny Avo Indrindra

Ity anarana ity no raisin'Andriamanitra rehefa miseho amin'ny olona hafa, ankoatra ny Isiraely Izy. Ohatra, ny hoe Melkizedeka « mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra »³⁸, izay olon-tsy fantatra niseho tamin'i Abrahama raha niverina izy rehefa avy nandresy an'ireo mpanjaka. Io no nitsodrano azy tamin'ny anaran'Andriamanitra Avo Indrindra. Nahery tokoa ny finoan'i Abrahama tamin'izay, ka raha nilaza taminy ny mpanjakan'i Sodoma nanao hoe: « Omeo ahy ny olona fa ny fananana ento ihany ho anao » (and. 21), dia tsy tamim-pihambahambana no nandavan'ny patriarka. Fampianarana lehibe ho an'ny raim-pianakaviana izany manoloana ny fanangolena ataon'ny Fahavalo hoe « aleo halaina ny harena fa inona moa izay zanakao ».

4. Ao amin'ny Testamenta Vaovao : Ny Ray

a. Amin'ny tranga manokana ihany no ahitana an'Andriamanitra maneho ny tenany ho Ray, ao amin'ny Testamenta Taloha: Ray mpiaro, mpitari-dalana, ary Ray onena. Ka, na io nampihariny teo amin'ireo vahoaka Isiraely fahiny³⁹, na tamin'ireo taranaka sisa taty

38. Genesisy 14. 18 • 39. Jeremia 3. 4

aoriana⁴⁰, na rehefa miresaka ny amin'ny fiahiany fatratra an'ireo olony Izy⁴¹. Saingy, tsy mba niseho mihitsy tamin'io anarana io Izy tao amin'ny Testamenta Taloha.

b. Any amin'ireo filazantsara, indrindra fa ny nosoratan'i Matio sy ny nosoratan'i Lioka, vao ahitana an'i Jesoa Izy tenany milaza ny hoe: « Ny Rainareo izay any an-danitra », na ny hoe « Ny Raintsika izay any an-danitra ». Ray lavitra izany. Ray mpiahy sy fatra-pikarakara an'ireo olony izy, dia ireo olony tsy maintsy manoa Azy sy afaka mivavaka aminy; saingy, *any an-danitra* Izy.

d. Ny filazantsara nosoratan'i Jaona

Maneho amintsika ny amin'ny « Teny » tonga nofo, ka nonina teto anivontsika, ireo andininy voalohany manokatra ny filazantsara nosoratan'i Jaona. Nanambara moa ny apôstôly nanao hoe: « Hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray ». Ary dia niafara tamin'ity fanambaràna saro-takarina ity ny fanazavana rehetra nataony: « Ny Zanaka Lahitokana izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no manambara Azy ». Ny hoe « Ny Raiko », na ny hoe « Ny Ray » hatrany hatrany no hiloaka ny

40. Isaia 63. 16 • 41. Salamo 103. 13

vavan'i Jesoa, ao amin'ny manontolon'ny filazantsara nosoratan'i Jaona. Tranga manokana ihany ny ao amin'ny Matio 11. 27, izay nilazany ihany koa ny hoe « Ny Raiko ».

Hanontany i Filipino hoe : « Tompo ô, aseho any ny Ray »⁴². Hoy ny havalin'i Jesoa azy amin'izay fotoana izay : « Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipino? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray... Tsy mino va ianao fa Izaho ao amin'ny Ray ary ny Ray ato amiko? »⁴³. « Izaho sy ny Ray dia iray ihany », hoy i Jesoa ao amin'ny Jaona 10. 30.

Tsy maintsy hiaritra fahafatesana i Jesoa ka hitsangana amin'ny maty, vao afaka hilaza ny hoe : « Ny Rainareo ». Hoy i Jesoa tao amin'ny fiafaran'ilay vavaka nataony ao amin'ny Jaona 17 : « Efa nampahafantariko azy ny anaranao » – Nampiseho ny Ray izany i Jesoa nandritra ny asa nataony tety an-tany! – « Ary mbola hampahafantariko ihany ». Tsy maintsy ho natsangana tamin'ny maty i Jesoa, mba ho afa-nampita ny hafatra nampitondraina azy, manao hoe : « Indro miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho », i Maria Magdalena⁴⁴. Mariho tsara fa tsy nilaza i Jesoa hoe : « ...ho any amin'ny Raintsika Aho ». Tsy manam-paharoa mantsy ny

42. Jaona 14. 8 • **43.** Jaona 14. 8-10 • **44.** Jaona 20. 17

fifandraisany amin'ny Ray. Azy sy ny Ray samirery izany. Izy hatrany no hitoetra ho ny Zanaka lahimatoa eo anivon'ireo rahalahy maro. Lasa Raintsika ihany koa anefa Ilay Rainy! «Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra»⁴⁵.

Afaka nilaza ny apôstôly Jaona, noho ny zavatra rehetra hitan'ny masonry, ren'ny sofiny, ary efa nojereny, nanao hoe: «Endrey! Manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra!»⁴⁶.

Nanantitrantitra i Jesoa, mialoha ny handaozany an'ireo mpianany, nanao hoe: «Ny Ray dia tia anareo»⁴⁷. Hahita isika, raha mampitaha andininy maromaro ato amin'ity filazantsara nosoratan'i Jaona ity, fa miverina impito ny hoe «Fa ny Ray tia ny Zanaka». Fitiavana mandrakizay izany, fitiavana tsy takatry ny saina, ary ambony lavitra noho ny fitiavantsika. Afaka nilaza anefa i Jesoa hoe: «(Ianao) efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy»⁴⁸. Nilatsaka ho ambany ny Ray ka nitia izay tsy tokony ho notiavina, tahaka izay nataon'ny Zanaka ihany koa: «Toy ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo»⁴⁹. Ary dia nipaka

45. Jaona 1. 12 • **46.** 1 Jaona 3. 1 • **47.** Jaona 16. 27 • **48.** Jaona 17. 23
• **49.** Jaona 15. 9

tamin'ny fehin-kevitra manao hoe: «...ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo » (and. 12), io fanambaràna nataon'i Jesoa io.

Tsy hafa ny Ray fa Ilay Tsitoha ihany, i Jehovah, « Adonai ». Kanefa, moa tsy tena mariky ny fiombonana akaiky dia akaiky ve io fiantsoana Azy ho Ray io? Tsy hoe anjara natao ho an'ireo mpino efa zokiny ihany akory ny fahafantarana an'Andriamanitra ho Ray. Hoy indrindra mantsy ny apôstôly Jaona : « Nanoratra taminareo ankizy madinika aho, satria efa nahalala ny Ray ianareo »⁵⁰.

Ao amin'io episitily nosoratan'i Jaona io ihany, inona ihany koa no ilazana an'Andriamanitra? Ambara ho « Mazava » lzy, ambara fa « fitiavana »⁵¹.

5. Ilay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana⁵²

Ny hahita ny Tompo Jesoa « amin'izay tena endriny tokoa », izany no fanantenana lehibe ao anatin'ny mpino. Mipetraka mandrakariva anefa ny fanontaniana manao hoe « moa hahita maso an'Andriamanitra ve isika? ».

Karazana olona samy hafa no hitantsika ato amin'ireto toko roa ao amin'ny bokin'ny

50. 1 Jaona 2. 13 • **51.** 1 Jaona 1. 5 ; 4. 8 • **52.** Apokalypsy 4. 2-3 ; 5. 7

Apokalypsy ireto: ao llay lray izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana; ao ny Zanak'ondry «tahaka ny efa voavono» eo afovoan'ny seza fiandrianana; ary ao ireo Fanahy fiton'Andriamanitra, izay teo anoloan'ny seza fiandrianana.

Naverina indray ny hoe izay manan-tsofina aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana, ao amin'ny toko 2 sy 3, ho famintinana an'ity taratasy ho an'ireo fiangonana fito ity. Izany no anjara tandrify antsika, voalohany indrindra, ety an-tany: ny mihaino. Rehefa «tao amin'ny Fanahy» kosa i Jaona, manomboka eo amin'ny toko 4, dia tsy fihainoana intsony fa fahitana, izany hoe maso mahita: «Ary hitako...».

Inona no hitantsika ao amin'ilay Anankiray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana? Tahaka ny «vato jaspy»⁵³ no fahitana Azy. Tsy «haizimikitroka» intsony io, na «hazavana tsy hay hatonina». Tsia, anterina ao anatin'izany fa tsy afaka ny hahalala tsotra izao an'ireo zavamiafina rehetra ao amin'Andriamanitra, izay Fanahy, isika.

53. Apokalypsy 4. 3. Araka ny fanazavana nomen'i Pline, ny vato nantsoina tamin'izany anarana izany, tamin'ny fotoanan-drony, dia karazam-bato tatera-pahazavana, kanefa tsy taratra izay ao anatin'ny.

Voalaza koa ny mikasika ilay «vehivavy hampakarina ho vady». Tsy iza io fa ny Fiangonana: «Ny famirapirany dia tahaka ny vatosoa indrindra, dia tahaka ny vatosoa jaspy, manganohano tahaka ny vato kristaly»⁵⁴. Mampiseho ny fahadiovany izany, na tsy voalaza mivantana aza.

Ny amin'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra kosa, izay mitoetra ho olombelona ihany na ao amin'ny voninahitra aza, dia ho hitantsika lzy «amin'izay tena endriny tokoa», hoy ny filazan'ny apôstôly Jaona⁵⁵.

6. Andriamanitra Telo izay Iray

a. Nilaza tamin'ireo Zanak'Isiraely Andriamanitra, tamin'ny alalan'i Mosesy, fa: «Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany»⁵⁶. Izany ihany koa no anterin'ny didy voalohany voarakitra ao amin'ny lalàna: «Aza manana Andriamani-kafa fa Izaho ihany». Ary manamafy ny 1 Timoty 2. 5 fa «iray ihany no Andriamanitra».

b. Niseho tamin'ny endrika Olona telo anefa Andriamanitra: Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina.

54. Apokalypsy 21. 11 • **55.** 1 Jaona 3. 2 • **56.** Deuteronomia 6. 4

Milaza sahady an'io maha Telo izay Iray an'Andriamanitra io, na mbola nitoetra ho zavamiaina ihany aza izany, ny zavatra hitantsika ao amin'ny pejy voalohany manomboka ny Baiboly. Nohazavaintsika tany aloha fa ny hoe Elohim, no anarana nisaloran'Andriamanitra tamin'io fotoana io. Efa nohazavaintsika koa fa manondro maro io hoe Elohim io. Ny matoanteny manaraka azy io kosa anefa dia manondro tokana. Ao amin'ilay hoe Elohim, izay manondro maro izany, no isehoan'ilay maha Telo izay Iray an'Andriamanitra. Milaza koa ny sasany fa ahatarafana an'io fisehoan'Andriamanitra amin'ny endrika telo io ny tsodrano notononina tao amin'ny Nomery 6. 24-25: ny fitahiana izay atolotry ny Ray; ny famirapiratana sy ny famindrampo izay ao amin'ny Zanaka; ary farany, ny voninahitr'i Kristy izay asehon'ny Fanahy Masina⁵⁷, omban'ny fiadanana izay voa entin'io Fanahy io⁵⁸.

Tsy maintsy mitsofoka mankamin'ny Testamenta Vaovao isika, ary hijery ny amin'ny batisan'i Jaona, mba hahita miharihary ny maha Telo izay Iray an'Andriamanitra: nankany Jordana i Jesoa, ka nanaiky ny hitovy laharana tamin'ireo rehetra tonga hiaiky ny fahotany, na tsy mba

57. Jaona 16. 14 • 58. Galatiana 5. 22

mpanota toa azy ireo aza Izy. Mba tsy hampifangaroana Azy tamin'ireo rehetra tonga nanatona teo anefa, dia natao ho ren'izy rehetra ny feon'ny Ray nanambara hoe: «Ity no Zanako Malalako Izay sitrako». Ary hitan'i Jesoa ny «Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny»⁵⁹.

Nanafatra an'ireo mpianany i Jesoa, raha handao azy ireo Izy, ny handehanan'izy ireo hanao ho mpianatra ny firenena rehetra sy hanao batisa azy «amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina»⁶⁰. Mariho fa ny filazana manondro tokana hoe «amin'ny anaran'ny» no nampiasaina fa tsy ny filazana manondro maro hoe «amin'ny anaran'ireo».

Hoy ny apôstôly raha namarana ny taratasy faharoa nosoratany ho an'ireo Korintiana izy: «Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompo sy ny fitiavan'Andriamanitra ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina».

Indro fa aseho ankarihary ao amin'ny Testamenta Vaovao ny zava-miafina tany amin'ny Testamenta Taloha. Manaiky izany fanambaràna ataon'ny Soratra Masina izany ny finoana, eny fa na tsy ho takatry ny saintsika aza ny manontolon'izany zava-miafina izany⁶¹.

59. Matio 3.16-17 • 60. Matio 28. 19 • 61. 1 Korintiana 13. 12

7. Andriamanitra niseho tao amin'ny nofo (ao amin'ny Testamenta Vaovao)

« Lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra... Andriamanitra, dia llay niseho teo amin'ny nofo... nakarina tamin'ny voninahitra »⁶².

« Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra » – « Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika, ary hitanay ny voninahiny dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray »⁶³.

Nanontany an'ireo mpianany i Jesoa indray maka. « Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona? », hoy ny fanontaniana napetrany. Hoy ny navalin'i Simona Petera tamin'izay: « Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona ». Tamin'Andriamanitra no nahazoan'i Petera an'izany fanambaràna niloaka ny vavany izany!⁶⁴. I Jesoa mihitsy koa no nilaza ny tenany ho ny « Zanak'olona ». Ny Ray kosa no manambara fa « Zanak'Andriamanitra » Izy: tena Andriamanitra Izy kanefa tena olombelona koa.

Aza mitady lavitra raha hamantatra ny amin'io zava-miafina io. I Jesoa Izy tenany ihany mantsy no efa nanamafy fa: « Tsy misy mahalala tsara ny

62. 1 Timoty 3. 16 • 63. Jaona 1. 1, 14 • 64. Matio 16. 13-17

Zanaka afa-tsy ny Ray; ary tsy misy mahalala tsara ny Ray afa-tsy ny Zanaka, sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy⁶⁵. Misy zava-miafina tsy mbola naseho ao amin'ny momba an'llay Jesoa Kristy. Tonga fantatsika ny Zanaka. Izay tian'Andriamanitra ho fantatsika mikasika Azy ihany anefa no ampahafantariny antsika, amin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy Masina⁶⁶. Aza mitady ny hanakatra izay tsy nasehon' Andriamanitra sy tsy nambarany antsika! Tsy nisy olona, na iza na iza nahazo nijery na nikasika ny fiaran'ny fanekena, fahiny (endrika iray nanehoana ny Kristy io fiaran'ny fanekena io). Maty avy hatrany izay olona nanandrakandrana nanao izany!

1 – I Jesoa : « Jehovah no Mpamonjy »

Hoy ny anjely tamin'i Maria, raha nilaza ny fomba mahagaga hahaterahan'ity zaza ity izy: « Ny anarany hataonao hoe Jesoa »⁶⁷.

Niseho tamin'i Josefa tamin'ny nofy ihany koa ny anjelin'ny Tompo, taty aoriana kely, raha iny mbola tao anaty adin-tsaina lalina iny izy, ka nilaza taminy nanao hoe: « Ny anarany hataonao hoe Jesoa, fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany »⁶⁸.

65. Matio 11. 27 • 66. Jaona 15. 26 • 67. Lioka 1. 31 • 68. Matio 1. 21

Ary dia tamin'izany anarana izany hatrany no niantsoana Azy nandritra ny fanatanterahany ny asany tao amin'ny filazantsara. Hoy ny famehezana'i Petera an'ilay toriteny voalohany nataony, taorian'ny nitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty sy ny nanandratana Azy ho any amin'ny voninahitra: « Iny Jesoa izay nohomboana tamin'ny hazofijaliana iny dia efa nataon' Andriamanitra ho Tompo sy Kristy »⁶⁹.

Nametraka fanontaniana iray i Saoly raha iny lavo teny an-dalan'i Damaskosy iny indrindra izy. Hoy ny fanontaniana napetrany « Iza moa ianao Tompoko? ». Hoy ny navaly azy tamin'izay: « Izaho no Jesoa izay enjehinao ». Amafisin'Andriamanitra ao amin'ilay andininy hafakely voarakitra ao amin'ny Filipiana 2. 6-11 fa: « anarana ambony noho ny anarana rehetra (ny anaran'i Jesoa), mba ho amin'ny anaran'i Jesoa no handohalehan'ny lohalika rehetra... sy haneken'ny lela rehetra fa i Jesoa Kristy no Tompo ho voninahitr' Andriamanitra Ray ».

Hoy ny ambaran'ny andininy farany indrindra hitantsika ao amin'ny Baiboly: « Izaho Jesoa... Izaho no... kintana mampiratra fitarika andro ». Averiny hatrany ny hoe: « Eny, avy faingana Aho ». Mamaly kosa ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: « Amena, avia Jesoa Tompo ! ».

69. Asa 2. 36

Ny anaran'i Jesoa no hita eo amin'ny andalana voalohan'ny filazantsara nosoratan'i Matio, toy ny ahitana Azy koa amin'ny andalana farany ao amin'ny Baiboly.

Izy no Mpamonjy; Izy no hany « Mpanalalana » ny olombelona amin'Andriamanitra... « Kristy Jesoa... nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra »⁷⁰. Tena olombelona Izy no sady tena Andriamanitra koa. Ireo toetra roa ireo no indray notinafiny tao amin'ny tenany. Tsy afaka ny hanatontosa an'io asa fanelanelanana io mihitsy Izy, raha nijanona ho Andriamanitra fotsiny ihany fa tsy nanaiky ho tonga olombelona.

2 – Ny Teny: (Logos, fanehoana ny any an-tsaina).
Hoy ny hitantsika any amin'ny Genesisy, raha mitatitra ny amin'ny tantaran'ny fiandohan'izao tontolo izao io boky io: « Tamin'ny voalohany Andriamanitra... ». Fa mainka miresaka ny amin'ny vanim-potoana taloha, eny tany aloha elaben'io « tamin'ny voalohany » io, ny filazantsara nosoratan'i Jaona. Hoy ny ambarany amintsika: « Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia

70.1 Timoty 2. 6

Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany ».

Ny « Logos » izany dia :

– efa nisy hatrizay hatrizay

– Persôna iray miavaka sy mahaleotena («... tao amin'Andriamanitra »)

– efa Andriamanitra hatramin'izay

– ao amin'Andriamanitra hatramin'izay ka ho mandrakizay

Moa tsy hitantsika ho nentanim-pihetsehampo tokoa ve i Jaona raha namerina tao amin'ny fiandohan'ny episitily voalohany nosoratany ny hoe : « Izay hatramin'ny voalohany dia izay efa renay, izay efa hitan'ny masonay, izay efa nojerenay sady efa notsapain'ny tananay, dia ny amin'ny Teny fiainana » !⁷¹.

Rehefa hiseho amin'ny voninahiny i Jesoa, ka hiravaka diadema eny an-dohany, dia « Ny Tenin'Andriamanitra » no anarana hisalorany⁷².

3 – Ny Zanaka lahitokana (ny hany Zanaka ; tokam-pototra niaviana). Izy no llay « nomen'» Andriamanitra⁷³, « fanomezana tsy azo tononina – tsy hay visavisaina (DIEM) »⁷⁴.

71. 1 Jaona 1. 1 • 72. Apokalypsy 19. 13 • 73. Jaona 3. 16 • 74. 2 Korintiana 9. 15

Izy no Ilay Zanaka lahy:

a. efa nisy hatrizay hatrizay⁷⁵; tsy noarîna⁷⁶: « tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra... ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra »⁷⁷. Nitafy voninahitra niaraka tamin'Andriamanitra Izy « fony tsy mbola ary izao tontolo izao »⁷⁸. Izy no fototr'ilay fitiavan-dalina ao amin' Andriamanitra: « Ray ô! efa tia Ahy lanao fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao » (and. 24). Miombona amin'ny Ray ao anatin'ny fifamatorana saro-pantarina Izy: « Ny Zanaka lahitokana izay ao an-tratran'ny Ray »⁷⁹.

b. « Fa tena no namboarinao ho Ahy »⁸⁰. Tena, na vatana, mifono zava-miafina io, hatramin'ny fahaterahany tety ambonin'ny tany. Hoy mantsy ny filazan'ny anjely azy: « Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra »⁸¹.

Ren'ny rehetra nanatrika teo ny feon'ny Ray, na tamin'ilay fotoana nanaovam-batisa an'i Jesoa izany, na tamin'ny fotoanan'ilay fiovan-tarehy teny an-tendrombohitra, nanao hoe: « Ity no Zanako Malalako, izay sitrako ».

75. Jaona 1. 1 • **76.** Jaona 1. 3 • **77.** Kolosiana 1. 16-17 • **78.** Jaona 17. 5
• **79.** Jaona 1. 18 • **80.** Salamo 2. 7; Hebreo 1. 5; 10. 5 • **81.** Lioka 1. 35

d. Natsangana tamin'ny maty Izy: «Ny amin'ny Zanany izay nateraka avy tamin'ny taranak'i Davida araka ny nofo, ary naseho tamin-kery ho Zanak'Andriamanitra araka ny Fanahin'ny fahamasinana tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty»⁸².

Aoka hotsarovantsika fa izany filazany ny tenany ho ny Zanak'Andriamanitra izany indrindra no nitarika ny fanamelohan'ireo Fitsarana an-tampony, na ny Synedriona, an'i Jesoa⁸³.

4 – Ny Kristy – Ilay voahosotra – Ny Mesia

Tsy hoe ny fanaovam-batisa Azy akory no nahatonga an'i Jesoa ho ny Kristy, araka ny fandraisan'ny sasany azy. Mazava ny ambaran'ny Ohabolana 8. 23: «Izaho notendreny hatramin'ny fahagola, eny, hatramin'ny voalohany indrindra, dia fony tsy mbola ary ny tany». Manamafy koa ny Romana 9. 5 fa: «Kristy... Izay ambonin'izy rehetra, Andriamanitra isaorana mandrakizay». Niara-nioko hanohitra an'i «Jehovah sy ny Mesiany» ireo mpanjakan'ny tany, tao amin'ny Salamo 2. 2.

Efa hatrizay hatrizay izany ny Kristy, fa nateraka ho ety amin'izao tontolo izao fotsiny

82. Romana 1. 4 • **83.** Matio 26. 63-66; Lioka 22. 70-71

ihany. Mariho ny voalaza ao amin'ny tetiarana entina manokatra ny filazantsara nosoratan'i Matio. Manantitra amintsika ny fifandimbia-san'ireo taranaka nivoaka avy amin'i Abrahama ity tetiarana ity. Jereo anefa ny voalaza eo amin'ny and. 16: «Jakoba niteraka an'i Josefa, vadin'i Maria», amin'ny dika teny hafa ny tohin'io dia tsy hoe «ary Maria niteraka an'i Jesoa», fa ny hoe «avy aminy no nahaterahan'i Jesoa».

Toy inona moa ny hafalian'i Andrea raha nilaza tamin'ny rahalahiny izy nanao hoe: «Efa nahita ny Mesia izahay!»⁸⁴ Rehefa nilaza ilay vehivavy tao Sikara hoe: «Fantatro fa avy ny Mesia (Ilay atao hoe Kristy), ka rehefa tonga Izy dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra», dia novantanin'i Jesoa fa: «Izaho izay miresaka aminao no Izy»⁸⁵.

Hoy ny navalin'i Petera, raha nanontany an'ireo mpianany i Jesoa hoe: «Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona?»: «Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona»⁸⁶. Tsy ny nofo aman-drà no nanambara izany tamin'i Petera, fa ny Ray izay any an-danitra.

Hanambara ilay anjely fahafito, amin'ny fotoana hiantombohan'ny fanjakana arivo taona, fa: «Ny fanjakana amin'izao tontolo izao dia efa

84. Jaona 1. 42 • **85.** Jaona 4. 25-26 • **86.** Matio 16. 16

lasan'ny Tompontsika sy ny Kristiny, ary Izy no hanjaka mandrakizay mandrakizay »⁸⁷.

5 – Ny Mpamonjy

Nanana marika iray niraisany ireo kristiana voalohany. Ny tarehin-tsoratra hoe ICHTHUS, izay midika hoe trondro amin'ny teny grika, izany marika niraisan'izy ireo izany. «I Jesoa Kristy, Zanak'Andriamanitra, Mpamonjy», izany no hevitra fonosin'ireo tarehin-tsoratra ireo. Tany amin'ireo zohy fiafenana, noho ny fanenjehana, no nahitana an'io marika io, matetika. Mahafintina tsara ny hoe iza moa i Jesoa amin'izy ireo, ireo tarehin-tsoratra vitsy monja ireo.

Hoy i Paoly, tao anatin'ny toriteny voalohany nataony ho an'ny Jentilisa: «... no nitondran' Andriamanitra an'i Jesoa araka ny teny fikasana ho Mpamonjy ny Isiraely»⁸⁸. Ho Mpamonjy an'ireo vahoaka ety an-tany no antony nahatongavan'i Jesoa⁸⁹. Nolavin'ny olona anefa Izy. Nilaza nikasika an'i Jesoa i Isaia: «Mbola zavatra kely foana raha tonga Mpanompoko hanandratra ny firenen'i Jakoba lanao, sy hampody ny Isiraely sisa voaaro; fa homeko ho fanazavana ny Jentilisa koa lanao, mba ho famonjeko hatrany amin'ny faran'ny

87. Apokalypsy 11. 15 • 88. Asa 13. 23 • 89. Matio 1. 21

tany»⁹⁰. Nilaza mialoha ireo mpaminany fa tsy maintsy hiloa-bava ny Mpamonjy hanao hoe: «Foana ny nisasarako, zava-poana sy tsinon-tsinona no nandaniako ny heriko»⁹¹. Manambara ny valintenin'Andriamanitra fa hisy fiantraikany tsy hita navanavana ny fahatongavany. Nahalala Azy ireo mponina tao Sikara: «Fantatray fa lzy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao»⁹². Nanamafy i Jaona ao amin'ny episitily voalohany nosoratany, rehefa notarihin'ny Fanahy Masina, fa: «Ny Ray efa naniraka ny Zanaka ho Mpamonjy izao tontolo izao»⁹³.

I Jesoa no Ilay «Andriamanitra Lehibe sady Mpamonjy antsika»⁹⁴. Miandrindra an'ilay fanantenana mahavelombolo tokoa isika: «I Jesoa Kristy Tompo Izay hanova ny tenan'ny fietrentenantsika, ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny voninahiny»⁹⁵.

6 – Ny Tompo

Tao Betlehema no teraka Ilay Zaza. «Fifaliana lehibe» no nambaran'ny anjely tamin'ireo mpiandry ondry: «Fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida». Zaza voahodidina lamban-jaza mandry eo am-

90. Isaia 49. 6 • **91.** Isaia 49. 6 • **92.** Jaona 4. 42 • **93.** 1 Jaona 4. 14
• **94.** Titosy 2. 13 • **95.** Filipiana 3. 20-21

pihinanam-bilona no ho famantarana ho azy ireo. Iza io Zaza io? Ny Mpamonjy; kanefa, ny « Kristy Tompo » ihany koa!⁹⁶. Manamafy ny Efesiana 2 fa « i Jesoa Kristy no Tompo ».

Miverina impito ny filazana ny hoe Jesoa Kristy Tompotsika ao amin'ny episitily nosoratana ho an'ny Romana.

« Satria nalain'ny olona tato am-pasana ny Tompoko », hoy i Maria Magdalena, raha nanontaniana ny antony nitomaniany teny am-pasana izy. Hilaza koa i Tomasy hoe: « Tompoko sy Andriamanitra »⁹⁷.

Koa satria mamin'i Paoly loatra ny fiombonany tamin'ny Tompony, ary niravoravo tamin'izany izy, dia noraisiny ho toy ny fakofakon-javatra avokoa izay mety ho tombontsoany amin'ny maha Jiosy azy, « noho ny fihoaran'ny hatsaran'ny fahalalana an'i Kristy Jesoa Tompoko »⁹⁸.

« Raha miaiky an'i Jesoa ho Tompo amin'ny vavanao ianao, ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena ianao »⁹⁹.

Anjara ho an'ny mpino ny hahita maso ny voninahitry ny Tompo, ka « hovaina hitovy

96. Lioka 2. 11 • **97.** Jaona 20. 13, 18 • **98.** Filipiana 3. 8 • **99.** Romana 10. 9

endrika aminy, avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy »¹⁰⁰.

7 – Ilay Nazareana

Anarana mifono fanevatevana ny hoe Nazareana, araka izay voalazan'i Natanaela nanao hoe : « Moa mba misy zava-tsoa va any Nazareta ? »¹⁰¹.

Hoy ny teny voasoratra teo amin'ny tampon'ny hazofijalian'i Jesoa : « Jesoa avy any Nazareta, ilay mpanjakan'ny Jiosy ». Anarana eso sy natao ho fampihomehezana ihany io, ary nofidina ho fanoherana ny filazan'ny Jiosy ho tsy manana mpanjaka hafa ankoatra an'i Kaisara.

Saingy, niverina taminy ihany indray io anarana natao ho fanevatevana io, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Niresaka mikasika an'Ilay « Jesoa avy any Nazareta, Ilay mpaminany mahery tamin'ny asa sy ny teny », ireo mpianatra roa lahy¹⁰².

Hoy i Petera tao anatin'ilay lahateny nataony ho an'ny Isiraelita : «... Jesoa avy any Nazareta, lehilahy nasehon'Andriamanitra teo aminareo tamin'ny asa lehibe... Andriamanitra nanangana Azy... »¹⁰³.

100. 2 Korintiana 3. 18 • 101. Jaona 1. 46 • 102. Lioka 24. 19

«Izaho no Jesoa avy any Nazareta...», hoy ny fanambaràna nataon'i Jesoa, tamin'ilay fotoana nahitan'i Saoly indrindra ny famirapiratan'ny voninahiny¹⁰⁴.

8 – Mpanjaka

Miresaka ny amin'ilay mpanjaka voahosotra hanjaka ao Ziona ny Salamo 2. Miray saina hitsangana hanohitra an'io mpanjaka io ireo mpanjakan'ny tany.

Fiaikena mahafinaritra tokoa no nataon'i Jesoa raha nanatrika an'i Pontio Pilato Izy. Nanontany Azy mantsy i Pilato hoe: «Mpanjaka va àry lanao?». Hoy ny navalin'i Jesoa tamin'izay: «Voalazanao fa Mpanjaka Aho»¹⁰⁵.

Mpanjaka nolavina sy notevatevaina Izy teo aloha. Saingy, hiseho amin'ireo nandefona Azy Izy indray andro any. Hahita an'i Jesoa ny maso rehetra, ary hahita eny amin'ny lamba isalorany ny teny hoe: «Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo»¹⁰⁶.

103. Asa 2. 22-24 • **104.** Asa 22. 8 • **105.** Jaona 18. 37 • **106.** Apokalypsy 1. 7; 19. 6

9 – Ny zava-miafina mikasika ny tenany

Mampahafantatra antsika an'i Jesoa, ary misarika ny saintsika hahatsapa ny hasarobidiny, ireo anarana rehetra isalorany. Mbola misy anarana maro hafa koa isalorany; saingy, mijanona ho takona amintsika izy ireny, satria ny Ray no hany tena mahalala tsara ny Zanaka¹⁰⁷. Eny, na dia amin'ilay andro hisehoany ao amin'ny voninahiny aza, rehefa hantsoina izy hoe: « Mahatoky, Marina, Mpitsara, Ny Tenin' Andriamanitra, Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo », dia mbola hisy ihany « anarana voasoratra izay tsy misy mahalala akory afa-tsy ny tenany ihany »!¹⁰⁸.

Aoka hanaja sy hanoa izay ambaran'ny Soratra Masina, tsy anampiana tsy analana, isika. Aoka ny Fanahin'Andriamanitra no ekentsika hitarika antsika. Amin'izany ihany vao hisokatra ny masom-panahintsika ka hahafantatra an'ireo zava-mahagaga ao amin'ny Persônan'i Jesoa Kristy, Ilay Zanaka malalan'ny Ray, isika.

107. Matio 11. 27 • **108.** Apokalypsy 19. 12